**Toekarena** 6

**Hanimba ny fiainam-pirenena ny fitotongan'ny vola Malagasy**

Lavo ny andrarezina Seva Mboiny Simon 2

**Haterina any Andranomandevy Ambanja ny nofo mangatsiakany**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Fanokafana ny lalaon'ny Nosy 3

**Nomena vahana ny sinoa manoloana ny manatalenta malagasy**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 27 jolay 2023 Laharana 1457 Vidiny : 600 Ar


Fitorian'i Fanirisoa an-dRajoelina 2

# Hivoaka mialohan'ny fifidianana ny didim-pitsarana hoy ny HCC




Miala Rajoelina 3

# Manao sorona ny tanora Malagasy mba hahazoany manambaka azy

**J - 44**

Komity ho Fanavotam-pirenena 2

# Natsangana ireo rafitra hitondràna azy



Filohan'ny FCRTM sy ny Ampanjakan'i Menabe 3

# Voaresaka ny hamerenana ny Kabeson'ny Ampanjaka Toera



Tovovavy tratra ny herisetra ny ray aman-dreniny 6

**Hanokatra fanadihadiana ny zandarimariam-pirenena**

Barea Jeux des Iles Madagascar 2023 6

**Hifanandrina amin'i Mayotte amin'ny alahady**

**Daka kely**

Atakalon'ialahy isany Kelimaso zany ny tanoran' ny tanàna ry Boaikely a !

KOMITY HO FANAVOTAM-PIRENENA

# Natsangana ireo rafitra hitondràna azy

Tontosa omaly tao amin'ny Espace Dera Tsiadana ny fivoriana nataon'ireo mpanao politika, fiarahamonim-pirenena , sendika ary ireo kandida filoha tamin'ny 2018, na ireo hilatsaka amin'ny taona 2023 ity, ao anatin'ny komity ho fanavotam-pirenena. Marihina fa fivoriana fanindroany ity natao ity, ho tohin'ny natao teny amin'ny foiben-toeran'ny HVM teny Andraharo. Tao anatin'izany no nisian'ny ady hevitra maro samy hafa nihainoana ny hevitr'ireo mpivory . Ny hevitra moa tera-bary tao, ka samy namoaka ny tao an-tsainy sy tao am-pony avy tamin'izany. Nanambara ny Pasitera Edouard Tsarahame, izay isan'ny nitarika ny fivoriana, fa latsaka ankaterena loatra ny firenena ankehitriny , na lafiny sosialy io , na politika ary indrindra ny aratoekarena. Manoloana izany hoy izy dia nantsoina ny mpanao politika rehetra tsy ankanavaka, hiaraka hidinika sy hanapakevitra hananganana ny rafitra Fanavotampirenana. Manaraka izany dia apetraka ny paik'ady entina hanatanterahana izany , tahaka ny hoe : ahoana no entina hanavotra ny firenena . Avy eo miroso amin'ny paik'ady sy manatanteraka amin'izay . Misy kaomisiona maromaro nitsangana, izay samy manana ny toerana hivoriany avokoa, ka ireo no hamaritra ny dingana samihafa arahina ao anatin'ny Komity ho Fanavotam-pirenena.



*Ny fihaonambe teny amin'ny Espace Dera Tsiadana omaly.*

***Helisoa***

TIM Antalaha

# Nanentana amin'ny fiatrehana fifidianana tany Antananambo

Nanentana ho amin'ny fiatrehana fifidianana ho avy tany Antananambo distrikan'Antalaha faritra Sava, ny mpitarika avy amin'ny antoko TIM Antalaha. Tontosa izany fidinana ifotony nataon' izy ireo izany tany amin'ity kaominina Antananambo afak'omaly, nanentanana sy nanomezan'izy ireo toromarika ny mpikambana TIM, mialohan'ny fifidianana izay hatao amin'ity taona ity . Nisy ny fanofanana tsotsotra ireo mpikaroka momba ny fifidianana nandritra izany fotoana izany. Nilaza ho samy vonona hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana koa izy ireo, amin'ny fifidianana filoha ho avy io.

***Stefa***



*Ireo mpitarika ny antoko TIM Antalaha, tany amin'ny kaominina Antananambo.*

Lavo ny andrarezina Seva Mboiny Simon

# Haterina any Andranomandevy Ambanja ny nofo mangatsiakany

Sehatry ny kolontsaina sy ny serasera : lavo ny andrarezina Seva Mboiny Simon. Omaly no niala teto an-drenivohitra ny nofo mangatsiakany ary haterina any amin'ny fasan-drazany any Andranomandevy any amin'ny distrikan'Ambanja faritra Diana. Misaona ny tontolon'ny serasera sy ny kolontsaina noho izao fahalasanany izao. Misaona toy izany koa ny fianakaviamben'ny ORTM sy ny asa fanaovan-gazety eto Madagasikara. Teo amin'ny faha- 67 taonany i SEVA MBOINY Simon izao nodimandry izao, izy izay efa Tale jeneralin'ny ORTM teo aloha (2003 - 2009), ary efa Talen'ny RNM teo anelanelan'ny taona 1993 - 1997. Nianatra ny asa fanaovan-gazety tany amin'ny Firaisana Sovietika teo aloha izy tamin'ny Repoblika faharoa. Manana ny mariboninahitra Grand Officier de l'Ordre National Malagasy ratompokolahy, mpampianatra teny amin' ny Oniversiten'Antananarivo : lalampiofanana fanaovan-gazety sy serasera. Efa mpanolotsaina ny Praiministra koa izy, efa filohan'ny filankevi-pitantanan'ny Anor (Agence Nationale de l'Or), efa tale jeneralin'ny orinasa MMG, efa tale jeneralin'ny orinasa Kraoma Mining, mpikambana tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny orinasa Telma. Filohan'ny fikambanan'ny mpianatra tao amin'ny Oniversite Patrice Lumumba Moscou. Arak'izany, very olomanga tokoa ny tontolon' ny televiziona sy ny Radio. Tena olona nanampanahy izy fahavelony ary olona nahay nitantana sy nahafehy ny teknikan'ny serasera sy ny asan-gazety. Nampianatra sy nampita traikefa sy fanilo izy. Izy no teknisiana niaraka tamin'ny fitondrana Ravalomanana tamin' izany fotoana, nanangana io Tranobe misy ny ORTM : TVM sy RNM ary DIT eo Anosy ankehitriny io. Nanana fiaraha-miasa sy fifandraisana natanjaka tamin'ireo sehatra maro iraisam-pirenena eo amin'ny televiziona sy Radio izy , ka nahazoana fitaovana raitra sy harifomba tamin'ny taona 2005-2006. Nahita fiaraha-miasa maro nanatsarana ny TVM sy ny RNM ary nahafahan'ny mpamokatra fandaharana sy teknisiana ary mpanao gazety nahazo fiofanana naha-tena matihanina azy ireo. Mifamatotra mandrakizay amin'ny tantaran' ny ORTM : TVM sy RNM ary DIT i DG Seva Mboiny Simon. Mampahery ny fianakaviany sy ny mpiara-miasa rehetra ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Mandria am-piadanana DG Seva !



*DG Seva, no anisan'ny nahalalan'ny maro azy.*

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Atao an-tandrevaka hatrany ny tanora malagasy

Minia mikimpy sy manao letrezana fotsiny sisa ny fitondrana amin'ny fanehoan-kevitra sy fandraisana fepetra samihafa. Niharihary tsara indray izany tamin'iny herinandro iny, tao anatin'ny fanadinana bakalorea sy ny taranja tena voatohintohina, toy ny tantara jeografia. Manamafy ihany koa ny tsy fahaizan'izao fitondrana Rajoelina izao ny fandaminana rehefa manao zavatra. Efa nitranga izany tamin'ny fotoanan'ny fizarana ireo fanampiana tamin'ny endriny samihafa, hoan'ny ampahany kely tamin'ny vahoaka malagasy, nandritra ny krizy ara-pahasalamana taona 2020 – 2021 ireny. Midika ho tsy fahaizana mifehy raharaham-pirenena na tsy fahaiza-mitondra mihitsy izany. Ny mahavariana amin'izay anefa dia efa miditra amin'ny faha-5 taona latsaka izao no naha teo amin'ny fitondrana azy, ary efa niampy ny tamin'ny tetezamita 5 taona be izao ihany koa aza izany. Izany hoe, 10 taona naha teo amin'ny fitondrana kanefa, sady tsy hita ho mandray lesona no tsy mitombo ny traikefa amin'ny fahaizamitondra firenena. Iaraha-mahita tsara ankehitriny ny an-tandrevaka amin'ny fikarakarana ny Lalaon'ny Nosy, izay i Madagasikara no hampiantrano azy amin'ity taona ity, ary hotanterahana amin'io volana aogositra io. Izao vao mody mikoropaka ny fitondrana sy ny eo anivon'ny ministera mamita ny asa handraisana ny lalao. Asa efa tokony hatramin'ny taona lasa no efa natao, iray volana mahery kely sisa vao mody mihetsiketsika. Ho vita an-tsakany sy an-davany tokoa araka ny nambarany ve ? Mbola nasiana fanamboarana hatramin'ny hira faneva aza. Ny fampivondronana ny athleta malagasy handray anjara amin'izany aza kitoatoa be ihany. Toy izay ihany koa ny toerana anaovana fanomanan-tena. Mena-mitaha amin'ireo athleta hafa, toy ny avy atsy amin'ny Nosy Maorisy na La Réunion ny athleta malagasy. Iretsy farany dia fantatra fa nanomana volabe amina miliara maro ny mpitondra ao aminy hiatrehany ny athletany amin'izao Lalaon'ny Nosy izao. Efa niomana fatratra ihany koa amin'ny fanazaran-tena ireo athletany efa manodidina ny 450 ary mihevitra ny ho voalohany amin'izao Lalao izao izy ireo. Miharihary eo anoloan'izany, ny lesoka lehibe amin'ny fikarakarana ny athleta malagasy. Raha misy ny vokatra tsara ho azon'ireo dia tena avy amin'ny heriny sy ny hambom-pony manokana, sy ny nataon'ny mpanazatra sy ny mpiandraikitra azy ireo, fa tsy an'ny fitondrana loatra. Sa rehefa mahomby ireo, dia hojapiana indray toy ny natao tamin'ny Barea? Atao an-tsirambina ny fikarakarana ny zatovo sy ny tanora malagasy tato anatin'izao fitondrana izao, ka tsy tsinjovina izy ireo raha tsy efa amin'ny fotoana mifanaraka amin'ny kajikajy politika fanaony hatramin'izay. Mitaky fanovàna lalina izany fomba fiasa izany.

***Sôh'son***

Fitorian'i Fanirisoa an-dRajoelina

# Hivoaka mialohan'ny fifidianana ny didim-pitsarana hoy ny HCC

Momba ny nangatahan'ny filoha Andry Rajoelina ny fizakana ny zom-pirenena, nitory azy i Fanirisoa mpitsara Malagasy monina any Frantsa ankehitriny.

Ho fantatra mialohan'ny fifidianana Filoham-pirenena ny valin'ny didim-pitsarana tamin'ny fitorian'i Fanirisoa Ernaivo ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, mahakasika io resaka raharaha fizakana ny zom-pirenena frantsay io. Fantatra izany taorian'ny tafa nataon'ny Filohan'ny HCC (Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana) tamin'ny mpanao gazety omaly 26 jolay.

Raha tsiahivina tokoa dia nametraka fitoriana teo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenena, izay nangataka ny tsy hampanan-kery ny firotsahan'i Andry Rajoelina kandidà Filoham-pirenena tamin'ny taona 2018 i Fanirisoa Ernaivo ny 14 jolay teo. Enga anie ka tsy hoe : azo raisina fa tsy mitombona, izany fitoriana izany hoy ny maro.

***Isambilo***

Ny Valosoa sy hadihady

## Miala Rajoelina

# Manao sorona ny tanora Malagasy mba hahazoany manambaka azy

Miteraka fampandrosoana avokoa ny sehatra rehetra ka tsy misy afaka mandeha irery, satria mifampiankina sy mifandrohy ny roa na telo amin'izy ireo. Eo amin'ny sehatry ny famokarana dia tsy afaka misaraka amin'ny fitaterana satria raha vokatra ny vary eny ambanivohitra dia misy ambimbava ahondrana any amin'ny faritra hafa koa raha tsy eo ny fiara vaventy sy ny làlana ahazoana mamoaka izany dia ho simba ary miteraka fatiantoka ho an'ny tantsaha. Nanao fanamby ny filohan'ny Repoblika Rajoelina fa hanangana ozinina ahazoana manodina ny vokatra legioma tany amin'ny Faritra Vakinankaratra kanefa tsy mbola tafatsangana izany satria, angamba, tsy tao anatin'ireo tetikasan'ny Fiadidiana ny Repoblika (projets presidentiels) na tsy tao anatin'ny "velirano". Antony fanararaotan'ny mpanangom-bokatra eo amin'ny vidin'ny vokatra ny faharatsian'ny làlana, hany ka tsy misy fivoarana azo tsapain-tànana mihitsy ny fiainan'ny tantsaha izay miteraka fifindramonina mandeha an-tanàn-dehibe (exode rural), ka mampitombo ny tsy manan-kialofana ao amin'ny tànana. Izao fitondrana izao dia tsy nanao ezaka eo amin'ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra satria tsy nanao fotodrafitrasa na nitady hevitra ho fampitaovana ny tantsaha, fa nanompana ny heriny amin'ny zavatra mirentirenty kanefa tsy misy tamberiny hoenti-manpandroso. Niteraka resabe nanomboka tamin'ny faran'ny herinandro lasa iny ny fanadinana bakalorea noho ny fivoahan'ny laza adina mialohan'ny fotoana ny taranja Tantara sy Jeografia. Raha anaovana tamberina ny lasa momba ity fanadinana ity dia efa nisy ny tranga toy izao ny taona voalohany nitondran-dRajoelina Andry Nirina ary nisy koa ny famerenana ny fanadinana iray manontolo mihitsy, ka izy filohan'ny Repoblika no nanao ny fanambarana momba izany. Tsy azo lavina fa sehatra iray fototry ny fampandrosoana ny Firenena ny fanabeazana. Sehatra mampivoatra ny fiainan'ny taranaka sy ny fiarahamonina ary ny firenena iray manontolo mihitsy ny fanabeazana. Rehefa dondrona sy tsy ampy fahalalàna ny olompirenena dia araka ny fitenenana hoe "manjaka ny tokamaso ao amin'ny firenena iainan'ny jamba" (au pays des aveugles, les borgnes sont rois). Tsapa fa tsy mbola nisy toy ny amin'izao fotoana izao ny lentan'ny fampianarana eto Madagasikara nandritra izay 63 taona namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena izay. Rehefa dinihana ny voalazan'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry Nirina, tamin'ny resaka nifanaovany tamin'ny mpanao gazety ny alahady 16 jolay 2023 iny dia nanasongadina, fa tsizarizary ny fampianarana eto Madagasikara matoa nanao sorona ny tenany mihitsy izy nangataka ny zom-pirenena frantsay (nanary ny zom-pirenena Malagasy) mba hahafahan'ny zanany mianatra any ivelany. Anisan'ny taratry ny tsy mampanjary ny fampianarana eto dia ny tsy fandoavan'ny fitondrana Rajoelina Andry Nirina ny tambin-karaman' ny mpampianatra antselika (vacataires) eny amin'ny Anjerimanontolo sy ny karaman'ireo mpiandry sy mpitsara fanadinana. Nanao antso ho an'izay mpianatra na mpampianatra vonona hanampy amin'ny fiandrasana fanadinana ny minisiteran'ny Fampianarana Ambony, noho ny tsy fahampian'ireo mpiambina tonga ny andro voalohany izay mbola taratry ny tsy firaharahian'ny fitondrana ny fanabeazana ihany koa. Tsy mahagaga mihitsy izany raha andro vitsy taorian'iny fanambarana iny dia nitranga ny tsy fanjarian'ny fampianarana eto ka ny fitondrana no fototr"izany fa tsy azo ailika na amin'iza na amin'iza ary manao sorona ny tenany izy ho an'ny naterany fa manao "sorona" ny tanora Malagasy kosa mba hahazoany manambaka azy. Soa ihany fa efa 44 andro sisa: J- 44 dia hametra-pialana ity filoha tsy miraharahara ny fampiroboroboana ny fampianarana ny zaza Malagasy ity. Raha ny vaovao navoakan'ny gazety mpanohana voalohany ny fitondrana nivoaka ny herinandro teo dia olona 3 no voasambotra tany Morondava satria, hono, anisan'ny namoaka ny laza adina niparitaka iny tao amin'ny tambazotran-tserasera. Azo antoka anefa fa tsy tany Morondava no namolavola ny laza adina fa teto an-drenivohitra, ka nahoana no tany no nisy voasambotra. Atidoha (cerveaux) no nantsoin-dRajoelina Andry Nirina hiara-mitantana aminy ny Firenena, kanefa na dia efa hifarana aza ny fe-potoana iasany dia tsy mbola misy sehatra misongadina ka mandroso eto amin'ny Firenena na iray aza, na dia nomen'ny tany ivelany "amboara" eo amin'ny sehatra sasany aza izy. Tsy mbola nisy toy izao tokoa teto nandritra ny 60 taona, hany ka mitodika aty daholo ny mason'izao tontolo izao.

***Andry Tiavalona***

### Filohan'ny FCRTM sy ny Ampanjakan'i Menabe

# Voaresaka ny hamerenana ny Kabeson'ny Ampanjaka Toera

Manantanteraka asa fanentanana mikasika ny fampiasana zaza tsy ampy taona miaraka ny OIT, araky ny fanasana azony tamin'ny solontena maharitry ny OIT eto Madagasika, Ramatoa Prensesy Zoendreniny Elakovelo, izay filohan'ny FCRTM na ny Fédération des Communautés Royales Traditionnelles de Madagascar. Ankoatran'ny fanentanana dia nisy koa ny fitsidihana aram-pomba fifanajana ny Ampanjakan'i Menabe ny Printsy Magloire Kamamy, izay nataony ny alahady 23 Jolay lasa teo. Nivoitra nandritra izany ny fandinihana ny fandraisana andraikitra eo amin'ny fiarovana ny fihavanana sy ny kolontsaina Malagasy, izay voaviraviran'ny fandrosoana mihoapampana avy any ivelany, eo koa ny fandinihana ny fanohizana ny



*Latsa-dranomaso ny Printsy Magloire Kamamy, nandritra ny firesahana ny Kabeson'ny Ampanjaka Toera.*

fomba hamerenana ny kabeson'ny Ampanjaka Toera, sy ireo kabeso roa miaraka aminy any, satria nanambara ny Printsy Magloire Kamamy, fa ankoatran'ny kabeson'ny Ampanjaka Toera dia misy kabeso roa koa hoy izy miaraka aminy any. Hatreto, tsy hay ny tohin'ny fampanantenana izay nataon'ny filoha Rajoelina sy ny minisitry ny serasera sy kolontsaina Lalatiana Rakotondrazafy, izay nilaza fa hataon'ny fitondrana ny fampodiana ny Kabeson'ny Ampanjaka Toera an-tanindrazana, fa dia andro maromaro sisa isaina dia hiala eo amin' ny fitondrana ny filoha Andry Rajoelina dia fitaka sy lainga no nafahana ny fanjakana Sakalava ka toy ny rafotsibe very laona dia miandry izay higadonany sisa . Na dia izany aza dia manao antso avo amin'ny fitondrana ny fivondronamben'ny Ampanjaka ny mba hampodiana ireo Kabeso ireo eto an-tanindrazana. Nandritra ny fifampiresahana dia latsa-dranomaso mihitsy ny Ampanjakan'i Menabe izay niala tsiny, fa isaky ny miresaka io kabeson'ny Ampanjaka Toera io aho hoy izy dia tsy tanako ny foko ka izay no mahalatsaka ny ranomasoko. Ankoatra izany, mitohy hatrany ny fitsidihana ataon'ny Prinsesy Zoendreniny Elakovelo ato Menabe, izay miharo fanentanana ihany koa, ka eo ny fanentanana amin' ny ady atao amin'ny tay miparitaka, eo koa ny fanentanana amin'ny fanaovana vaksiny hiadiana amin'ny lefakozatra.

***Rajepa***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fanokafana ny lalao'ny Nosy Nomena vahana ny sinoa manoloana ny manatalenta malagasy



**Paul Bert Rossy Rahasimanana :** fanokafana ny Jeux des Iles. Izay izany lesy ry choregraphes isany fa ny sinoa no hanao azy ah !
Dia mifona i Pôly fa tsy nahavita ny mission nampanaovinareo hihaonana aminy. Akama izy saingy izay no safidiny dia tsofina rano eh. Ento aty hanaovantsika zavatra hafa ireo asa noforoninareo fa tsy very io eh ! Hery Ratsimbazafy , Disaraga, JL Gasy Dihy Angeluc Rehava,…
**Rasoloarijaona Cyrille :** tsy Mbola nahita ohatr izany ah tena marina hoy Aho ... looooza !
**Sylvain Ranjalahy :** fa iza indray no nahazo nationalité sinoa?
**Rahaingo Ralambomanana :** Sylvain Ranjalahy : tsy mbô za!
**Soa Nhiry :** Sylvain Ranjalahy : Patsi patsa !
**Hel Randria :** io mivanika io, ôtran'ny nitelina paraky ty izy kkkkkkkk !
**Sylvain Ranjalahy :** Rahaingo Ralambomanana : ny anao nationalité maivana.
**Rahaingo Ralambomanana :** Sylvain Ranjalahy : marina !
**Lionel Rajaoarison :** ary ny fahitako ilay namana anankiray kelikely maso lasa nahazo nationalité sinoa kkkkkkkk !
**Manohiarivony Rivo :** Jirama koa eo manome toky.
**Saholy Razanadrasoa :** sinoa nafarana manokana avy any Chine mihitsy ndray zao reo a. Tena lozaaaa ra zay no marina sy misy.
**Naina Rabearivony :** roa volana izay no namoahako teto antsofanairana (fiangaviana aza) fa misy an'ilay hoé Rossy isika … ampy traik'efa - zà-draharaha - manana olona - afaka miantoka ny fahombiazan'ny lanonam-panokafana sy famaranana ny Jeux des Îles… Voatsipaka am-bava-fo ny matihanina rehetra izao, fa nomena ny kely maso ny tsena. Fotoana anefa io hanasongadinana ny fahaiza-manao sy famoronana malagasy ary indrindra "sitrany ahay vaza-mihetsika" ho an'ny tontolon'ny chorégraphie sy ny tanoran-tsika.
**Feni :** le ridicule ne tue pas , ça les renforce Zoky Ray amandReny Naina Rabearivony a ! alors... prêt pour apprécier les chorégraphies jeux des îles... cantonaise ?(rire)
**Tianome Andriantsalama :** tena maha ontsa fo ilay zava-misy ry Zoky ray aman-dreny.

## TONONKALO

### IZANY INDRAY IZAO NO MALAZA

Izany indray izao no malaza : hisondrotra ny saran-dalana,
Tsy hijanona amin'ny teo fa hiakatra ho valonjato.
Efa be ny gasy anefa no herinandro tsy mivalana,
Tsisy intsony ny havoaka f'efa maina tato ho ato !

Izany indray izao no malaza : hisondrotra ny saran-dalana,
Raha ny fahantrana anefa , toa tsy misy fiafarana.
Ho an'ireo vahoaka tsotra, efa mihatra amin'ny akalana,
Saingy toa mitazam-potsiny ireo mpitondra fanjakana !

Izany indray izao no malaza : hisondrotra ny saran-dalana,
Saingy hatreto Rainilainga dia tsy manana hambara.
Izy toa tsy taitra akory fa minia mihalangalana,
Angamba ny ila tongony aza efa tsy eto Gasikara !

Izany indray izao no malaza : sondro-bidy tsy hay fefena ,
Vokatry ny tsy fahaizan'ny mpitondra firenena.
Mila fiovana maika i Madagasikarantsika,
Ialao ilay hoe « tsy gasy intsony » faly manatsara bika !

***DADAN'i RIANA (25-07-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW, Rajepa

**Vita ny fidinana ifotony nataon' ny Distim Antalaha tany amin'ny kaominina Antananambo afak'omaly, nanentanana sy nanomezana toromarika ny mpikambana TIM mialohan'ny fifidianana hatao amin'ity taona ity .**









**Ny fihaonan'ny Ampanjaka roa tonta : ny filohan'ny FCRTM sy ny Ampanjakan'i Menabe.**









## NY TENY FIAINANA

*Fa izao no fanekena hataoko amin'ny taranak'Isiraely, rehefa afaka izany andro izany, hoy Jehovah: dia hataoko ao an-tsainy ny lalàko, sady hosoratako ao am-pony, ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko.*
***Hebreo 8:10***

### Bolida Lalaina Nomenjanahary

# Voaray ho « coach-adjoint des U19 » ao amin'ny Paris Fc

Niverina ao amin'ny kliobany fahiny dia ny Paris Fc, ilay mpilalao baolina kitra Malagasy Bolida Lalaina Nomenjanahary, fa voaray ho «coach-adjoint des U19 » ao amin'ity ekipa ity amin'izao taom-pilalaovana ho avy izao, rehefa nahazo ny BEF «Brevet d'entraineur de football » tany Frantsa sy ny DUGOS « Diplôme universitaire de gestion des organisations sportives » tamin'ity taona 2023 ity. Feno 37 taona i Bolida izao hiantsoroka voalohany ny maha-mpanazatra matihanina hiandraikitra ny tanora azy amin' izao taona 2023 izao.

***Rainilita***




*Bolida 2023.*

### Elgeco Plus Madagasikara

# Ny Gaborone United Botswana no hifanandrina aminy

*Coupe de la Confédération de la CAF 2023.*

Taorian'ny antsapaka natao dia fantatra, fa ny ekipan'ny Gaborone United avy atsy Botswana, no hifandrina amin'ny Elgeco Plus Madagascar amin'ny fifaninanana « Coupe de la Confédération de la CAF 2023 » eo amin'ny baolina kitra, ka ny lalao mandroso dia ho tanterahina any Botswana amin' ny 18 na 19 na 20 aogositra 2023 ary ny lalao miverina kosa dia hatao amin'ny faha 25 na 26 na 27 aogositra 2023 eto Antananarivo.

***Rainilita***

### Team Antananarivo niatrika ny Wuxi Challenger Chine 2023

# Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny talata

Nigadona teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato tamin'ny talata 24 jolay 2023 teo, ny delegasiona Malagasy "Team Antananarivo", avy niatrika ny fifaninanana « FIBA 3x3 Wuxi Challenger » nato tany Chine farany teo, ka nahazoan-dry Elly sy ny namany ny laharana faha-4 ary nahazoan'izy ireo tapakila hiatrika ny fifaninanana « World Tour Shanghai Masters 2023 ». Tsiahivina fa mialohan'io fifaninanana any Shanghai io dia mbola hiatrika ny fifaninanana «2ème Fiba 3x3 Challenger Taïpei 2023 » izy ireo amin'ny 28 sy 29 oktobra ho avy izao.



*Ankoay 3x3 lehilahy tonga teny Ivato.*

***Rainilita***

### Tompondaka nasionalin'ny basikety U18 lahy sy vavy

# Fantaro ireo ekipa 46 ho avy any Ambositra

Ho tanterahina any Ambositra (LRBB Amoron'i Mania), amin'ny 28 jolay ka hatramin'ny 06 aogositra 2023, ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondaka nasionaly 2023 sokajy U18 lahy sy vavy. Fantaro etsy ambany ireo ekipa miisa 46 handray anjara amin' izany. Sokajy U 18 filles : Pintade, Aslfa, Tamifa (Amoron'i Mania), ekipa telo (Analamanga), Jea, Phenix, Assaf (Vakinankaratra), Ebf, Cbf (Matsiatra Ambony), ekipa roa (Boeny), Bcac (Bongolava), Squad, Ascut (Atsinanana), ekipa roa (Atsimo Andrefana), Nbc (Alaotra Mangoro). Sokajy U 18 garçons : Pintade, Bcf, Tamifa (Amoron'i Mania), ekipa roa (Analamanga), Ankaratra, Ffa (Vakinankaratra), Mfb, Bbcm, Jbf (Menabe), Ebf, Fandrasa (Matsiatra Ambony), ekipa roa (Boeny), Asmb (Fitovinany), Cospn, Ascut (Atsinanana), Guepard (Itasy), ekipa roa (Atsimo Andrefana), Nbc (Alaotra Mangoro).Epab (Betsiboka), Jap Mada (Sava), As Fananolahy (Atsimo Atsinanana), 3Mt (Anosy), Fbc, Riven's (Analanjirofo).



*Ekipa U18 lehilahy (2022).*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Akoho amin'ny voanio** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Sady matsiro no manitra izany laoka izany, koa mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny fihinanana katsaka matetika

Ny soa azo avy amin'ny fihinanana katsaka matetika indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mety atao sakafo solon'ny vary sady mahavoky rahateo ny katsaka. Manatsara ny fiasan'ny nify sady mampatanjaka azy ny fihinanana katsaka matetika. Manasitrana ny aretim-bavony ihany koa ny fihinanana katsaka manta vao avy notangosana isaky ny maraina be. Ahitana fibre betsaka ihany koa ao anatin'ny katsaka, ka manamora ny fandevonan-kanina. Mahalava andro iainana ihany koa ny fihinanana katsaka matetika.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Maroseranana distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Maroseranana distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Maroseranana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny fary, ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga, ny akondro, ny manga, ny letchi, ny ampalibe.



TOEKARENA

# Hanimba ny fiainam-pirenena ny fitotongan'ny vola Malagasy

Tato ho ato dia nanakoako ny resaka vola, ny harena sy fahantrana, ka voalaza voalohany tamin'izany ny sandan'ny vola vahiny raha oharina amin'ny volantsika eto amin'ny firenena. Ny resaka vola "EURO " dia mibahana amin'ny fahefa-mividy sy mampiasa izany amin'ny ankapobeny, izay fantatra fa mitentina eo amin'ny 5000 ariary eo ny 1euro ankehitriny, izay somary maha tohina ny maro ihany, satria lasa tsy misy lanjany intsony mihitsy ny vola 5000 ariary raha ny vidin-javatra eto amintsika toy ny vidin'ny siramamy iray kilao ohatra no jerena. Tsorina fa ny vidintsakafo mandritry ny tontolo andro sy ny vola ilaina mandritra izany ho an'ny tokantrano iray, dia tsy ampy intsony raha latsaky ny 10.000 ariary hoy ireo izay nanome ny heviny teto an-toerana.


Vola Malagasy sy vola euro.

Ny filoha Rajoelina moa dia mbola sahy niteny, fa izy no mitondra eo dia mbola voafehy io sandam-bola voalaza io, fa tokony efa ho 10.000 ariary mihitsy ny iray Euro raha tsy ry zareo hono no teo, ary mbola hita fa tehidera tena izy, matoa mahavita milaza izany tamin'ireny valandresaka nataony farany teny Iavoloha ireny. Tsarovy fa ny 50 Euros raha izany, dia mitontaly 250.000 Ar mahery kely any ho any, izay mitovy amin'ny karama farany ambany (SMIG ) raisin'ny mpiasa tsotra, nefa dia mampatanjaka ny vahiny mpampiasa azy eto an-toerana sy ireo mpanao afera manodidina izany.


Ny resaka harena sy fahantrana raha vao nahare ireo vidin'entana sy ny mety hisondrotan'ny saran-dàlana amin'ny fiandohan' iny volana ambony iny, dia efa mampitabataba ny mpiara-monina sahady, satria ny karama tsy misondrotra amin'ny ara-dàlana akory, dia efa mitetika ny hampisondrotra ny anjarany sahady ireo mpivarotra enta-madinika eny an-dalambe eny. Tombontsoan'ny mpanana sy ny mpanodinkodim-bola no voatsinjo araka izany, fa ny rehetra dia miha-mahantra sy fadiranovana hatrany. Ny saran-dàlana amin'ny fitaterana zotra rezionaly moa, dia efa nasondrotra 5000 ar hatramin'ny 10.000 Ar tamin' izao fotoanan'ny fialantsasatra izao, ka mety hitarika fisondrotan'ny vidin' ny zava-drehetra mihitsy raha izany. Efa nambara teto, fa na ny vola arotsak'izay mpilatsaka ho fidiana filoham-pirenena aza, dia efa nakarina ho avo 5heny, ka nahatonga ny rehetra hilaza fa ny mpanambola ihany ve, no omen-dahatra, fa ny sahirana tsy ampy nefa mba manana ny paik'adiny dia sakanana amin'ny fomba hafa kely mihitsy. Tsy misy dikany amin'ireo mpitondra sy mpanodinkodimbola ary ny mpanana ny hoe : vola mitotongana, tsy mitsinjo ny fahasahiranam-bahoaka fa dia ny Avo ihany no tovonana, manao fiainam-bazaha, tsy mijery ny mafy ady sy ny vahoaka madinika nefa dia efa fadiranovana mihitsy raha oharina amin' ny firenen-kafa ny eto amintsika.

**Beharo**

Tovovavy tratra ny herisetran'ny ray aman-dreniny

# Hanokatra fanadihadiana ny zandarimariam-pirenena

Fanbtatra izao fa hanokatra fanadihadiana ny zandary ùmahakasika ilay tovovavy 19 taona tratra ny herisetra nataon'ny ray aman-dreniny. Araka ny fanambaran'ny zandarimariam-pirenena :"ANTSO VONJY FIFANAMPIANA. Ilazana ilay tovovavy iharan'ny herisetra ataon'ny ray aman-dreniny, na izay olona ipetrahany mba hitondra azy eny amin'ny Zandarimaria. Hanokafana ny fanadihadiana." Raha tsiahivina ity tovovavy 19 taona ity dia noteren'ny ray aman-dreniny


Ilay tovovavy niharan'ny herisetran'ny nahitany masoandro.

hanambady sy hiray aranofo tamina tovolahy iray 23 taona, izay tsy fantany akory nanomboka ny volana Janoary. Bizina ifanaovan'ny ray aman-dreny roa tonta no anton'izao. Rehefa tsy nanaiky izany ilay tovovavy dia nodarohan-drainy matetika. Terena hanasonia taratasy fisoratam-panambadiana ihany koa izy ka vaky nandositra. Efa nitory ihany izy kanefa dia nolavina izany satria manan-katao ireo Ray aman-dreny ireo. Handray an-tanana ny raharaha ny mpitandro filaminana, ka dia ho hita eo ny tohin'ny raharaha.

**Niaina**

"Barea Jeux des Iles Madagascar 2023"

# Hifanandrina amin'i Mayotte amin'ny alahady

Ao anatin'ny fanomanana ny Lalaon'ny Nosy 2023 andiany faha-11, izay hatao eto Madagasikara afaka iray volana dia voaasa any Mahajanga hiatrika ny "Tounoi Jubilé Ahmad", izay efa nisahana an'ireto andraikitra ireto ihany : - Secrétaire d'Etat au sport (1994-1995), - Président de de la FMF (2003-2017),- Ministre de la Pêche (2014-2016),- Vice-président du COM (2015-2011), - Sénateur et vice-pdt du Sénat (2016-2017),-Président de la CAF et Membre de la Fifa (2017-2021), ny "Barea Jeux des iles Madagascar 2023". Efa nanomboka tamin'ny zoma 21 jolay lasa teo ity ekipa tantanan'i Coach Rakotondrabe Rôrô ity no efa nigadona tany an-drenivohitry ny voninkazao, ka tamin'ny alahady lasa teo dia efa nikatroka tamin'ny ekipa voafantin'i Mahajanga ary nandresy an'ity ekipa ity tamin'ny isa 2-1. Amin'ny alahady 30 jolay 2023 ho avy izao indray dia ny ekipam-pirenen'i Mayotte no hifanandrina amin'izy ireo ao amin'ny kianja "Stade Rabemananjara Mahajanga.


Barea Jeux des Iles 2023 any Mahajanga.

**Rainilita**

Fari-piarovana sy filaminana Tsiribihina

# Tontosa ny fifamindram-pibaikoana

Notontosaina teto Moronadava renivohitry ny faritra Menabe ny lanonana ara-miaramila izay notarihin'ny minisitry ny fiarovam-pirenena, nanantanterahana ny fifamindram-pibaikona teo amin'ny Jeneraly de brigade Koto Paul, izay kaomandin'ny fari-piarovana sy filaminana Tsiribihina vaovao sy ny jeneraly Ramanoelina ANDRIANAINA Jean Victorien, izay kaomandy teo aloha. Nandritra izany no nanambaran'ny minisitra, fa tsy hoe tsy mahay na tsy mahavita ny teo aloha, fa ny fifandimbiasan-toerana dia soatoavina eo amin'ny Tafika Malagasy ary hisy ny fanohizana ireo hetsika fametrahana ny fandriampahalemana izay efa nisy. Nanambara koa ny minisitra, fa ho tanterahana ato amin'ny faritra Menabe ny forum interregional ny 3 sy ny 4 Aogositra izao ; nosafidiana manokana ny faritra Menabe, satria mbola mafampana eo amin'ny tsy fandriampahalemana, teo koa ny fisian'ireo mpitandro filaminana maro lavo teo ampanatanterahana ny asany ; notsindriany fa adidy sy andraikitry ny rehetra ny fametrahana fandriampahalemana, mba hitsinjovana ny hahafahan'ny vakoaka miatrika ny fifidianana izay ho hatrehantsika amin'ny faran'ity taoana ity . Nandritry ny fandalovan'ny minisitry ny fiarovam-pirenena taty Menabe izao dia nisy koa ny fihaonany tamin'ireo tompon'andraikitra olom-boatendry sy olom-boafidy ary ireo ray amandreny be ato Menabe, izay nijerena vahaolana maharitra, ka ho entina amin'ny forum izay hatao ny fiandohan'ny volana aogositra izao.

**Rajepa**


Ny lanonana ara-miaramila, fifamindram-pibaikoana tany Menabe.

Mpilalao handball Akio Juniors sy Cadettes

# Ho any Abidjan Côte d'Ivoire

Ho any Abidjan Côte d'Ivoire, izay toerana hanatanterahana ny fifaninanana handball kaontinantaly « Ihf Trophy 2023 », handraisan'ireo ekipam-pirenena tompondaka isaky ny « zône » misy azy avy anjara, ny Akio Juniors lehilahy sy Akio Cadettes vehivavy. Ireto avy ireo ekipa hisolo tena ny Zone misy azy avy : -« **Zone 3** » : Juniors-Côte d'Ivoire, Cadettes : Nigeria , -« **Zone 6** » : Juniors et Cadettes : Madagascar , - « **Zone 5** » : Juniors : Rwanda, Cadettes : Tanzanie, -« **Zone 2** » : Juniors et Cadettes : Guinée.

**Rainilita**



Akio Juniors lehilahy sy Cadettes Malagasy.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 22/07/2023 hatramin'ny 29/07/2023**

- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1457-07-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIARAHAMONINA – ANDRAIKITRA**

# Manana ny fitaovana mamaly ny filan'ny firenena ankehitriny ny AFK

Misavoritaka ny fizotry ny fiainam-pirenena tato ho ato noho ireo tranga maro samihafa. Eo ny fifidianana, izay mahafanina ny vahoaka ny tena marina amin'ireo pitsompitsony fanomanana azy. Voaresaka amin' izany ny rindrambaiko ampiasain'ny Ceni, izay nampisy olana be teo aloha ary mbola anatin'ny kiana misy amin'izao fotoana izao ny amin'izany. Teo ihany koa ny lamina tsy tomombana tamin'ny fanadinam-panjakana bakalorea. Saiky misy hatrany ny olana amin' ny rindran-damina apetraky ny mpitondra. Manana vahaolana voaporofo fa mahomby amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana momba ireny toe-javatra niteraka olana ireny ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Eo aminy, vokatry ny fikarohan' ireo manam-pahaizana Malagasy miara-miasa aminy, ny fitaovana ahafahana mikirakira tarehimarika, sehatra samihafa ilain'ny firenena, sy ny fikambanana samihafa hatramin'ny fiangonana koa aza. Io fitaovana io, rindrambaiko nomeny anarana hoe "Tenaoïkos". Ahafahana mamaly ny petrak' olana sy ny vahaolana tadiavina na ilaina io fitaovana io. Niainga avy amin'ireo fanadihadiana lalina natao teto amin'ny firenena, ka nitsirihana ny fototry ny olana tsy ahafahan'ny firenena mandroso sy misy fivoarana mazava no namaritana sy nandraiketina ny zavatra ao anatiny sy hikirakirana azy. Maimaimpoana no hahazoana izay mila azy, fa ny fanofanana kosa amin'ny fampiasana azy no andoavana sarany kely. Ny antony, dia ny hitsinjovana ny Malagasy sy ny finiavana hanarina marina ity firenena ity izay latsaka ao anaty lavaka mangitsokitsoky ny fahasahiranana sy fahantrana lalina amin'izao fotoana izao. Tsy vitan'ny kitsapatsapa intsony ny fampandrosoana ny firenena. Efa very fotoana betsaka isika. Mila fitaovana mahomby tanteraka entina miasa no ilaina izao. Mamaly izay filan'ny firenena izay ny ezaka ataon'ny AFK, izay mipetraka ho fitaovana ampiasain'Andriamanitra hanatanterahana ny vinany ho an'ity Nosy ity sy ny mponina eo aminy. Vonona hiarahiasa amin'ny rehetra izy, fa miandry kosa ny fanapahan-kevitry ny olom-pirenena ho resy lahatra, ka sahy hijoro hiara-hientana aminy. Tsiahivina hatrany, fa tsy fiangonana ary tsy manao politika ny AFK. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

Fikirakirana ny mofomamy

# Miala any ny « Salon de la pâtisserie »



***Ny Chef Rakotomalala Mamihery, nandalina manokana ny tontolon'ny mofomamy.***

Ho fanamafisana sy fampitomboana hatrany ny fifandraisana misy eo amin'ireo mpisehatra amin'ny fikirakirana mofomamy toy ireo mpanamboatra izany, ireo sekoly mampiofana, ireo mandraharaha amin'ny fivarotana ireo fitaovana fanamboarana mofomamy ary ireo mpamokatra sy mpanafatra ireo akora fototra. Ireo mitambatra no nanosika an'i Chef Rakotomalala Mamihery « Mamihery pâtissier », hanatanteraka ny « Salon de la pâtisserie. Hisokatra anio Alakamisy 27 hatramin'ny 29 jolay, etsy amin'ny Cercle Franco-Malagasy, Anosy.

Dingana lehibe ho amin'ny fampivoarana ny sehatry ny asa fanamboarana mofomamy ny hetsika tahaka itony, noho izy toy ny banja malalaka ahafahana mifanakalo haizatra sy traikefa eo amin'ireo rehetra mpisehatra amin'ny fikirakirana ny mofomamy. Tanjona napetraky ny mpikarakara rahateo ny hametrahana fifanohanana bebe kokoa izay miseho amin'ny endrika fiaraha-miasa matotra eo amin'ireo mpikirakira ny mofomamy, hisarika ho any amin'ny fandrosoana mirindra.


Hampiavaka ny « Salon de la pâtisserie », andiany voalohany ity ny hanasongadinana amin'ireo mpanjifa, fa azo atao tsara ny mampiasa ireo vokatry ny tany eto Gasikara amin'ny fanajariana mofomamy. Tsongaina amin'izany ny fampiasana ny lafarinina azo avy amin'ny mangahazo. Marihana fa efa misehatra amin'ny fampianarana ihany koa i Chef Rakotomalala Mamihery. « Mila zaraina amin'ny Malagasy ny fahaizana norantovina teny anivon'ny INTH, hoy izy mba hahafahan'ny rehetra mamorona asa ho an'ny tenany ». Olana sedrain'ireo mpanao mofomamy ny fisian'ny endrika ampihimba eo amin'ny fanafarana ireo akora fototra ampiasaina. Manginy fotsiny ny « kibay an-kelika » eo amin'ireo samy mpisehatra izay mitarika fifandrafiana tsy mitera-bokatsoa.

***Lalasoa Razafindrakoto***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 439**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0438)


***Mitsivalana***

- Mivavaka
- Alik(a) – Sol
- Nenifara
- Avana
- Velona
- Farihy (miv)
- Nay (miv)

***Mitsangana***

- Manampy
- Vely (miv)
- Vinavin(a)
- Henika (miv)
- Faly
- Asa – Ora
- Korana
- Ala – Afo

## TENY MIFANAPAKA N° 439




**Mitsivalana**

**1.** Manano sarotra **2.** Maneho kajy fanampiana **3.** Mpanoritra – Atsangana **4.** Zava-maniry – Mpanondro manolotra **5.** Bibilava – Ilainy (miv) **6.** Milaza zavatra tokana – Matanjaka **7.** Fampitàna teny **8.** Ny voalohany sy ny farany – Iray monja **9.** Toetra ratsy – Sahala (miv) **10.** Ahy sy azy (miv) – Vola aloa

**Mitsangana**

**A.** Mamakafaka, mandalina **B.** Tsy tsaroana – Kaontinanta **D.** Mamarana ny teniny – Tsirin-teny Mpifanao – Renintsoratra tsy mitovy **E.** Deraina ambony **F.** Maneho fahamboniana – Miaraka amin'ny etsy **G.** Fanontaniana – Saka (miv) **H.** Fotoana mangatsiaka **I.** Fanendrena – Androany **J.** Mampisafidy – Ila – Kanto (miv) **K.** Tsy betsaka – Solfa

## Valiny Teny mifanaraka 0438

**Mitsivalana**

**1.** Maminavina **2.** Ody (miv) - Ala - In **3.** Diksionera **4.** Anao - Atoa **5.** Do - Lolo - Vy **6.** Sosotra **7.** Saina - Re **8.** Inri (miv) - Ianao **9.** Lafo (miv) - Iva **10.** Alainay - YY

**Mitsangana**

**A** Midadasika **B.** Adino - Ar **D.** Moka - Sinoa **E.** Solonify **F.** Nay - Osa - An **G.** Aloalo - Ila **H.** Vantotra **I.** Lo - Reny **J.** Nirava - Avy **K.** Ana - Voay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonamben'ny Komity ho Fanavotam-pirenena, teny amin'ny Espace Dera Tsiadana omaly.**















